

## **FITAHIANA AVY AMIN'NY FANOMEZAM-PAHASOAVAN'NY FAMINANIANA**

Alberto R. Timm

Hatramin'izay dia nilaza mandrakariva ny Advantista Mitandrina ny andro Fahafito fa manaiky ny Baiboly ho hany tokana foto-pinoany ary manaiky fa ny Baiboly ihany no mpandika ny tenany. Tamin'ny taona 1847 dia efa nanambara James White fa: “fanambarana tsy misy kianina sady feno ny Baiboly” ary izy “ilay hany lalàna mifehy ny finoantsika sy ny fomba fiainantsika.”<sup>1</sup> Nanampy ihany koa Ellen White tamin'ny taona 1884, fa ireo zanak'Andriamanitra sisa izay mahatoky ka mivelona amin'ny andro farany dia “hifikitra amin' ny Baiboly, ary ny Baiboly irery ihany ho filamatry ny fampianarana rehetra sy ho fototry ny fanavaozana rehetra.”<sup>2</sup>

Azo atao ny milaza fanambarana marohafa mitovitovy amin'ireo, fa ireo roa ireo no maneho ny foto-kevitra hijoroan'ny Advantista mikasika izany lohahevitra izany.

Azontsika atao ve anefa ny mijory mahatoky amin'ny Baiboly sady manaiky ny asa soratry Ellen White ho soratra avy amin ny tsindrimandrin'Andriamanitra? Araka ny hevitra James White dia “fanambarana tsy misy kianina sady feno ny Baiboly. Izy irery no hany lalàna mifehy ny finoantsika sy ny fomba fiainantsika. Tsy tokony hanakana an'Andriamanitra tsy haneho ny fahatanterahan'ny teniny amin'ny alalan'ny nofy sy fahitana anefa izany amin'izao andro farany izao, dia ny fahatanterahan'ny teniny tamin'ny lasa, ankehitriny ary amin'ny ho avy, araka ny fijoarana vavolombelona nataon'i Petera (Asa 2:17-20). Ny tena fahitana marina dia mitarika antsika ho eo amin'Andriamanitra sy ny teniny voasoratra. Ireo natolotra mba hampidirana lalàna vaovaon'ny finoana sy fomba fiaina izay tsy mifanaraka amin'ny Baiboly kosa dia tsy ho avy amin'Andriamanitra mihitsy, ary tokony ho tsipahana.”<sup>3</sup>

Notsindrin'I James White fa manolo sy manova ny hevitra ny Baiboly ny mpaminany sandoka, fa ny mpaminany marina kosa dia mitarika antsika “ho eo amin'Andriamanitra sy ny teniny.” Ny fanandratan'i Ellen White an'I Kristy sy ny Teniny amin'ny fomba mahatalanjona no isan'ny antony haneken'ny Advantista azy ho mpaminany marina.

Asongadin'ny Paoly apostoly ao amin'ny Efesiana 4:11-14 ny antom-pisian'ireo ministra samihafa eo amin'ny fiangonana, ao anatin'izany ny “mpaminany”. Iza no fivaky ny teny: “Ary Izy no nanome ny sasany ho Apostoly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra, ho fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana, ho amin'ny fampanandrosoana ny tenan'i Kristy, mandra-pahatongantsika rehetra ho amin'ny firaisan'ny finoana sy ny fahalalana tsara ny Zanak'Andriamanitra, ka ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy mba tsy ho zaza intsony isika, ka ahilangilana sy ampitambolimboleni'ny rivotry ny fampianarana samy hafa rehetra amin'ny saim-petsy ataon'ny olona sy ny fihendreny hahatanteraka ny hevitra ny famitahana . . .”

Amin'ny fomba ahoana ary no hahafahan'i Ellen White mahavita ireo andraikitra izay voalazan'i Paoly ao amin'io andalan-teny io? Betsaka no azo ambara mahakasika izany. fa androany isika dia handinika ireo andraikiny amin'ny endriny maro samihafa, amin'ny alalan'ny sary aman'ohatra dimy.

### **1. Tilikambo fanilon-tsambo ara-paminaniana: Miaro ny diantsika mandritra ny andro farany**

“Andro mahory” (Grika kairoi chalepoi), izay azo adika hoe “fotoana mahakizy”(NRSV) na “fotoana mampidi-doza” (NKJV), no ilazan'ny Paoly ny andro farany ao amin'ny 2 Timothy 3:1. Hitan'i Paoly mialoha fa ho lasa tia mikomy sy mieboebo fatratra ny olona amin'ny andro farany (jereo 2 Tim 3:1-5). Ary hitsoka “ny rivotry ny fampianarana (diso) samy hafa rehetra (Efes 4:14), ka ho betsaka ny “tsy hahazaka fampianarana tsy misy kilema” (2 Tim 4:3, 4). Tsy mahagaga raha nampitandrina ny mpanaradia azy Jesosy mahakasika ireo mpampianatra sandoka izay haneho “famantarana lehibe sy fahagagana, ary raha azo atao, na dia ny olom-boafidy aza dia hofitahiny” (Mat 24:24; Mark 13:22). Moa ve tsy toy izany mihitsy ny toetoetr'izao androntsika izao?

Betsaka ankehitriny ireo Kristianina izay manilika ny Baiboly. Eny, manova ny fampianarany mihitsy aza. Ilay Andriamanitsika mahafinaritra dia nanome antsika fanehoana moderina ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana ao amin'ny asa soratry Ellen White. Tsy hanolo toerana ny Baiboly akory fa voamaika handratra izany sy hitondra antsika ho amin'ny fampianarany mahafinaritra. Ireny asa soratra ireny dia natao mba hiaro ny diantsika amin'izao andro farany feno fahaikana izao. Tsarovy ireo teny malaza ao amin'ny Salamo 119:105, “Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny lalako ny teninao.”

### **2. Teleskaopy ara-paminaniana: Manasongadina ireo lohahevitra lehibe ao amin'ny Baiboly**

Nisy lahatsoratra iray mitondra ny lohateny hoe “My Telescope” (Ny teleskaopiko), nosoratan'i Sarepta M. I. Henry (1839-1900) voarakitra tao anatin'ny gazety *The Gospel of Health (Ilay Filazantsaran'ny Fahasalamana)* (Isan'ny Gazety advantista voalohany mahakasika ny fanavaozana ara-pahasalamana mivoaka isambolana) tamin'ny fiandohan'ny taona 1898. Noresahan'i Ramatoa Henry tao anatin'ny fijoroana vavolombelona mafonja nataony ny fanandramany manokana ny amin'ny asa soratry Ellen White. Toa tahaka ny lojy (lentilles na fitaratra boribory mivohitra) izay manampy hahatakatra ny fahamarinana no fahitany azy raha nanomboka namaky izany izy. Rehefa nanohy namaky anefa izy, dia lasa teleskaopy matanjaka iray izay mitodika mivantana any amin'ny sahan'ny lanitra dia ny Baiboly ny asa sorany. Hazavain'i Ramatoa Henry fa “tsy lanitra feno pentina fahamarinana tsy voaisa akory” ny asa soratry Ellen White, “fa kosa mitarika sy manome hery ny maso hanagorobaka ny voninahitr'ireo misterin'ny tenin'Andriamanita velona”.<sup>6</sup>

Namelabelatra lohahevitra manandanja betsaka ao amin'ny Baiboly Ellen White ao anatin'ny asa sorany. Tafiditra ao anatin'izany ohatra, ny maha olona mahatalanjona an'i Jesosy, ao ihany koa ny fitiavan'Andriamanita tsy misy fepetra, ny fahasoavany mahavonjy, ny lalàny moraly izay tsy azo ovana, sy ireo foto-kevitra manandanja maro

samihafa. Isan'ireo fanehoan-kevitra nisongandina nataony ny fomba namelabelarany ilay fifanandrinana lehibe manantantara sy mahakasika ny voary rehetra, eo amin'ny Kristy sy Satana (Isa 14:12-15; Ezek 28:12-19; Apok 12:7-12). Hita taratra ao anatin'ny asa sorany rehetra ny sombintsombiny amin'izany fifanandrinana izany, indrindra fa ireo boky dimy mahakasika ny fifandirana nisy nandritra ny taona nifandimby, izay mitondra ireto lohateny tsirairay avy ireto: *Patriarika sy Mpaminany, Ilay Fitiavana Mandrest, Ny Asan'ny Apostoly sy ny Hery Mifanandrina*. Ankehitriny dia azo jerena sy alaina maimaimpoana ao amin'ny tranokala EGWWritings ireo boky nosoratan'i Ellen White, amin'ny fiteny mihoatra ny 130.

Araka ny efa nambara teo aloha dia Teleskaopy ara-paminaniana matanjaka ny asa sorany, manasongandina ireo lohahevi-dehiben'ny Baiboly.

### **3. Mikaraoskaopy ara-paminaniana: mampivoitra ireo vatosoa sarobidin'ny Baiboly.**

Miaro ny diantsika amin'izao andro farany izao ny asa soratry Ellen White, mampisongadina ireo lohahevi-dehiben'ny Baiboly, ary fanampin'izany dia mampivoitra ny antsipirian'ireo foto-kevitra sarobidy maro ao amin'ny Baiboly ihany koa izy. Hitan'i Richard M. Davidson, Profesoran'ny Testamenta Taloha any Andrews University, Berrien Springs, Michigan, fa amin'ny toerana maro no takatry Ellen White ny hevitra tian'ireo andalan-teny fanalahidy sasany ao amin'ny Baiboly, na dia tsy fantany aza ny dikan'ilay teny araky ny fiteny nihavian'izany tany amboalohany ao amin'ny Baiboly.<sup>7</sup> Ny tantaran'ny famoronana ohatra izao dia milaza amintsika fa nahary an'i Adama sy Eva araka ny "tarehiny" sy ny "endrin'ny" Andriamanitra (Gen 1:26, 27). Hazavain'i Ellen White fa "tokony hitondra ny endrik'Andriamanitra ny olombelona amin'ny fiseho ivelany sy ny toetra anaty,"<sup>8</sup> ary tena izay mihitsy ny hevitra ambaran'ny dikan-teny tany amboalohany. Araka izany "nitondra ny endrik'Ilay Mpanao azy i Adama amin'ny lafiny ara-nofo, ara-tsaina, ary ara-panahy, rehefa nivoaka avy teo antanan'ny Mpahary."<sup>9</sup>

Nampidirina tamin'ny alalan'ny fampatsiahivana ny asam-pamonjena nataon'Andriamanitra izay fototry ny fankatoavana ny didy folo (Eks 20:1-17; Deot 5:6-21). Noho izany dia afaka milaza tsara Ellen White fa "teny fikasana folo" ny didy folo, ary "tsy misy endrika ratsin'ny fandrarana ao anatin'ny, eny fa na dia toa maneho izany aza izy."<sup>10</sup> Ohatra iray farany. Ny Eks 25:8, 40 dia milaza fa naneho an' i Mosesy "endrika" na "modely" (Hebreo *tabnit*) iray ny fitoerana masina izay tokony hatsangana. Inona ary izany endrika na modely izany? Nohazaivan'i Ellen White mazava tsara fa modelin'ny fitoerana masina any andanitra, izay nohakelezina no nasehon'Andriamanitra an'i Mosesy. Naniraka azy ihany koa Andriamanitra mba hanao ny zavatra rehetra araka ilay modely izay naseho tao an-tendrombohitra."<sup>11</sup> Marina tokoa fa tsy baiko am-bava fotsiny no voarain'i Mosesy, fa nahita modely ihany koa izy izay azony averina indray.

Raha afaka mahazo ilay boky "Ilay Fitiavana Mandresy" ianao, dia azonao atao ny mampitombo ny fanandramana ara-panahin'ny tenanao manokana amin'ny alalan'ny famakiana ireo filazantsara kanonika efatra—Matio, Marka, Lioka, sy Jaona—miaraka amin'izany boky mahafinaritra izany. Eo ampanombohana dia azonao atao ny mamaky ny filazantsara mitantara momba an' I Jesosy tao an-jaridainan'ny Getsemane (Matio 26:36-56; Mark 14:32-50; Lioka 22:39-53; Jaona 18:1-12), ary manaraka izany ny toko fa 74- "Gethsemane", ny boky *Ilay Fitiavana Mandresy*.

Tsy misy isalasalana fa tena mikraoskaopy ara-paminaniana ilaina tokoa mba hanampy antsika hampivotra ireo vatosoa sarobidy maro ao amin'ny Baiboly ny asa soratry Ellen White.

#### **4. Sivana ara-paminaniana: manafoana ireo fandikana diso ny Baiboly**

Ilay Teolojiana Loteriana Alemanana fantan-daza antsoina hoe Gerhard Ebeling (1912-2001) dia nanoso-kevitra fa ny tantaran'ny Fiangonana Kristianina dia "Tantaran'ny fampiratiana ny Soratra Masina."<sup>12</sup> Marina tokoa fa foto-kevitra lalina sy manandanja izany! Ny Tantaran'ny Fiangonana Kristianina dia tantaran'ny fandikana *marina* sy fandikana *vilana* ny Baiboly. Tsy mahagaga raha toa ka naroso ho toy ny mifototra amin'ny Baiboly avokoa ireo fandikana vilana isan-karazany izany, tamin'ny fotoana izay nizarazaran'ny Fivavahana Kristianina ho fiangonana mihotra ny 45,000.<sup>13</sup>

Niezaka mandrakariva Satana ny haka fanahy ny olona mba hanilika na farafaharatsiny handika vilana ny tenin'Andriamanitra hatramin'ny fiandohan'ny tantaran'ny zanaka'olombelona. Niseho izany ohatra tamin'i Eva tao amin'ny zaridainan'ny Edena (Gen 2:16, 17; 3:1-24); tamin'ny tantaran'ny Zanak'Israely (2Chron 36:14-16); eny fa na dia tamin'i Jesosy aza raha tany an-tany foana izy (Matio 4:1-11; Lioka 4:1-13). Miseho ihany koa izany amintsika amin'izao andro farany feno fihainana izao. Eto amin'ity 'izao tontolo izao iainantsika ity, dia ambaran'ny olona fa tsy tena zava-dehibe intsony izay tena lazain'ny lahatsoratra ao amin'ny Baiboly. Ny zava-dehibe kosa aminy dia ny fomba hamakiansika azy sy ny fomba handikantsika azy. Arak'izany dia nisolo toerana ny Fahefana'ny Tenin'Andriamanitra izay tsy mety ho diso ny fihevitra sy ny fanandraman'ny tena manokana.

Mampitandrina antsika i Paoly ao amin'ny 2 Timoty 4:1-5 manao hoe: "Eo anatrehan'Andriamanitra sy Kristy Jesosy, Izay hitsara ny velona sy ny maty, ary noho ny amin'ny fisehoany sy ny fanjakany, no ananarako anao mafy: mitoria ny teny, mazotoa, na amin'ny fotoana, na tsy amin'ny fotoana, mandrese lahatra, mamporisaha, mananara mafy amin'ny fahari-po sy ny fampianarana rehetra. Fa ho avy ny andro izay tsy hahazakan'ny olona ny fampianarana tsy misy kilema; fa hangidihidy sofina izy, dia hamory mpampianatra ho azy araka ny filany; ary hampiala ny sofina amin'ny teny marina tokoa izy ka hivily ho amin'ny anganongano. Fa hianao kosa mahonona tena amin'ny zavatra rehetra, miareta fahoriana, ataovy ny asan'ny evanjelista, tanteraho ny fanompoanao."

Amin'izao andro feno fihainana tsy misy toy izany izao, dia mitana andraikitra ny asa soratry Ellen White amin'ny maha sivana ara-paminaniana azy mba hanafoana ireo fandikana vilana ny tenin'Andriamanitra sy hanamafy ireo fandikana marina izany. Tadidio fa tsy mamokatra rano akory ny sivana, fa manadio ny rano izay efa misy fotsiny ihany izy.

Raha ny Baiboly no jerena dia tsy ny Baiboly amin'ny maha Baiboly azy akory no olona, fa ny fomba mitongilana izay matetika hamakiansika azy.

Ny asa soratry Ellen White dia manampy amin'ny fanalana ireo fironana diso amin'ny maha olombelona ary mamela ny Baiboly handika ny tenany, mba ahazoan'ny hafa-pamonjena entiny hikorianana madio mangarangerana eo amin'ny tsirairay avy amintsika amin'izao vanim-potoana izao.

#### **5. GPS ara-paminaniana: Mihazona antsika hijoro mahatoky amin'ny Baiboly**

Efa namely fiara tamin'ny làlambe sarotra ve ianao? Na nitondra fiara tamin'ny làlan-tery dia tery eny amin'ny tendrombohitra avo? Ny sasany amin'ireo làlana mifamatopototra dia manana anaram-bosotra hoe “spaghetti junctions” na “fihanonan'ny spaghetti”, satria mitovy endrika amin'ny spaghetti eo andovia izy ireny. Raha toa ka tsy fantatrao tsara ilay toerana, ary raha toa ka mihamitombo aingana ny fitohanana dia mety ho mora foana ny andehanana amin'ny làlana tsy izy. Fanampin'izany hisedra olana mafimafy ianao eo ampitadiavana ny làlana tokony iverenanao mba handehananao amin'ilay làlana izay tokony ho nalehanao, Nihatsara hatrany anefa ny teknolojia. Ary amin'izao fotoana izao anefa dia manana ny GPS (Global Position System) isika izay rafitra iray hamaritana ny toerana misy ny zavatra na olona iray amin'ny alalan'ny satelita. Izany dia mahatonga ny dia ataontsika ho mora kokoa.

Noho ny hamaroan'ny safidy azo atao ny amin'ny làlana ara-pinoana sy ara-panahy tokony hizorana, dia mora ny ho very ka tsy ho tonga na oviana na oviana amin'ny toerana iantseranana. Tsy navela hitady ny làlana tena izy izay tokony halehantsika irery anefa isika. Manana teny fikasana mahafinaritra isika ao amin'ny Isaia 30:21, “Fa na mivily ho amin'ny an-kavanana ianao, na mivily ho amin'ny ankavia, ny sofinao dia handre teny ao ivohonao manao hoe: Ity no lalana, ka andehano.” Nampiasa mpaminany betsaka ny Fanahy Masina tamin'ny andron'ny Baiboly, mba hitazonana ny vahoakan'Andriamanitra handeha amin'ny làlana azo antoka mifanaraka amin'ny Teniny. Amin'ny vanimpotoana ankehitriny dia nandefa feon'ny faminiana hafa ho amin'ny tanjona mitovy amin'izany ihany Izy.

Nanazava ny anjara tazoniny Ellen White tamin'ny nilazany hoe: “Raha toa ka nianatra ny Tenin'Andriamanitra miaraka amin'ny faniriana hanatratra ny fenitry ny Baiboly sy ny fahatanterahana Kristianina ianareo, dia tsy ho nila ireo *Fanambarana*. Noho ny nanaovanareo tsinontsina ny fanazarana ny tena amin'ny Boky avy amin'ny tsindrimandrina'Andriamanitra no niezehany hanatratra anareo tamin'ny fanambarana tsotra sy mivantana, mba hampitodika ny fahaliananreo amin'ny ireo teny avy amin'ny tsindrimandry izay natao tsinona ny fankatoavana azy, sady manery anareo ampifanaraka ny fiainanareo araka ny fampianarany madio sy ambony.”<sup>14</sup> Tena GPS ara-paminiana azo anteharana tokoa ny asa sorany, ka mihazon antsika tsy ho tandidomin-doza eny amin'ny làlan'ny Teniny.

### **Fanamarihana entina hamintinana**

Araka ny efa nambara teo aloha, tsy natao hanolo toerana na handidy ny Baiboly akory ny asa soratry Ellen White, fa kosa hanandratra azy sy hiazona antsika ho mahatoky amin'ny fampianarany. Ireo asa sorany ireny dia azo ho raisina ho (1) *Tilkambo fanilo-tsambo* ara-paminiana miaro ny diantsika amin'izao andro farany izao; (2) *Teleskaopy* ara-paminiana izay mampisongadina ireo lohahevi-dehiben'ny Baiboly; (3) *Mikraoskaopy* ara-paminiana izay mampiseho ireo vatsoa sarobidin'ny Baiboly; (4) *Sivana* ara-paminiana, manafonana ireo fandikana vilana ny Baiboly; ary (5) *GPS* ara-paminiana, mihazona antsika tsy hivadika amin'ny Baiboly.

Tsy afaka ny hitana ireo anjara manokana ireo anefa ireny asa soratra ireny raha tsy mamaky sy mianatra izany amim-panetrentena sy toe-panahy vonona handray isika. Raha toa ka efa manao izany ianao, deraina ny Tompo. Raha toa ka tsy mbola manao izany ianao, maninona raha tsy manomboka manamboatra planina hamakiana izany manomboka izao. Hevitra tsara iray azo atao ny mamaky tsy tapaka iray amin'ireo bokiny miaraka amin'ny ankohonanao sy/na ny namanao. Azonao atao ihany koa ny mifidy boky iray manokana izay tsy misaraka aminao, ahafahanao mamaky izany n'aiza n'aiza toerana alehanao ary isaky ny manam-potoana ianao hanaovana izany. Azo antoka fa raha manao izany ianao dia ho feno fitahiana ny fiainanao.

Ny tenin'Andriamanitra farany ho antsika androany dia hita ao amin'ny 2 Petera 3:18, "ary mitombo amin'ny fahasoavana sy ny fahalalana an'i Jesosy Kristy, Tompontsika sy Mpamonjy. Ho Azy anie ny voninahitra ankehitriny sy mandrakizay. Amena."

<sup>1</sup> James White, *A Word to the "Little Flock"* (Brunswick, Maine: [James White], 1847), p. 13.

<sup>2</sup> Ellen G. White, *The Spirit of Prophecy* (Oakland, Calif.: Pacific Press, 1884), vol. 4, p. 413; naverina novokarina tao amin'ny *Hery Mifanandrina* (Washington, D.C.: Review & Herald, 1911), p. 621.

<sup>3</sup> J. White, in *A Word to the "Little Flock,"* p. 13.

<sup>4</sup> Ireo toko sy andininy rehetra tsy voalaza ny nakana azy dia nalaina tamin'ny New King James Version (NKJV).

<sup>5</sup> S. M. I. Henry, "My Telescope," *Gospel of Health*, Jan. 1898, pp. 25-28.

<sup>6</sup> *Ibid.*, pp. 27-28.

<sup>7</sup> Jereo Richard M. Davidson, "Ellen White's Insights into Scripture in Light of the Original Biblical Languages," ao amin'ny *The Gift of Prophecy in Scripture and History*, natontan'i Alberto R. Timm sy Dwain N. Esmond (Silver Spring, Md.: Review and Herald, 2015), pp. 155-170.

<sup>8</sup> Ellen G. White, *The Great Controversy between Christ and Satan, as Illustrated in the Lives of Patriarchs and Prophets* (Oakland, Calif.: Pacific Press, 1890), p. 45.

<sup>9</sup> Ellen G. White, *Education* (Oakland, Calif.: Pacific Press, 1903), p. 15.

<sup>10</sup> Ellen G. White, ao amin'ny *The Seventh-day Adventist Bible Commentary* (Washington, D.C.: Review and Herald, 1953), vol. 1, p. 1105.

<sup>11</sup> Ellen G. White, *Spiritual Gifts* (Battle Creek, Mich.: Steam Press of the Seventh-day Adventist Publishing Association), vol. 4a, p. 5 (italics supplied).

<sup>12</sup> Gerhard Ebeling, *The Word of God and Tradition: Historical Studies Interpreting the Divisions of Christianity*, trans. S. H. Hooke (Philadelphia: Fortress, 1968), 11-31 (Chapter 1 – "Church History Is the History of the Exposition of Scripture").

<sup>13</sup> "Status of Global Mission, 2014, in the Context of AD 1800-2025," line "41. Denominations", jerena ao amin'ny <http://www.gordonconwell.edu/resources/documents/StatusOfGlobalMission.pdf> (accessed Aug. 8, 2018).

<sup>14</sup> Ellen G. White, *Testimonies for the Church* (Mountain View, Calif.: Pacific Press, 1948), vol. 5, p. 665.